



# AMBATOVY

**FITSIPI-PITONDRACTENA MIFEHY NY ORINASA  
MPIANTOKA ASA**

Document:	Rev:1	Date	Page: 1 de / of 7
-----------	-------	------	-------------------

Mikatsaka ny ho sangany hatrany Ambatovy amin'ny lafiny fahombiazana, fahasalamana sy aroloza, fiarovana ny tontolo iainana, ary fandraisana andraikitra ara-tsosialy, sady mandray anjara amin'ny fampandrosoana maharitra an'i Madagasikara ihany koa.

- Ny fandraisana andraikitra,
- Ny fanajana ny hafa,
- Ny fahamendrehan-toetra,
- Ny tsara indrindra, ary
- Ny asa an-tarika.

Ireo no soatoavina fototra sy toetra iorenan'ny fitondrantena ara-etika eo anivon'ny orinasa.

Antenain'Ambatovy hanana ireo soatoavina fototra ireo ny mpianoka asa miara-miasa aminy, ary ity Fitsipi-pitondrantena ity no ahitana ireo fenitra farafahakeliny andrasana amin'izy ireny.

Mirafitra ato anatin'y, izay andrandraina amin'ny mpiara-miombon'antoka mifandraika amin'ny fenitra iraisampirenena amin'ny lafiny ara-pahasalamana, aroloza, fiarovana ny tontolo iainana, zon'olombelona, ary etika ambony.

Manantena ihany koa Ambatovy fa ataon'ireo orinasa mpianoka asa azo antoka ny hahatafita ity Fitsipi-pitondrantena ity any amin'ny mpiasan'izy ireny, amin'ny sampan'asa eo ambany fiadidiany, amin'ireo ivon-toerana miara-miasa aminy, ary amin'ireo olona/orinasa manao fifanarahana ara-kasa aminy.

---

Azonay atao ny mifidy ny tsy hiara-miasa na mampiato ny fiarahamiasa amin'ny orinasa mpianoka asa izay manao asa tsy mifanaraka amin'ny andrasanay aminy.

## Fahasalamana, Aroloza ary Tontolo Iainana

---

Antenain'Ambatovy fa ireo orinasa mpianoka asa ao aminy dia:

- ✓ mankatò ny lalàna sy ny fitsipika rehetra mihatra, eny mihoatra noho izany aza, manaja ireo fenitra sy fomba amam-panao tsara indrindra.
- ✓ mandray ny fepetra ilaina mba hananana toeram-piasana voaro amin'ny loza sady mitandro ny fahasalamana.
- ✓ manao hetsika fiarovana ny tontolo iainana eo amin'ny fiarahanonina hiasany, mampiroborobo kolontsaina manome lanja ny tontolo iainana, ary mitahiry ny harena voajanahary.

Izany indrindra no mahatonga an'Ambatovy mangataka ireo orinasa mpianoka asa ao aminy mba hanao izay ahazoana antoka fa:

- voaro ary tsy misy fiantraikany ratsy eo amin'ny fahasalamana ny toeram-piasana, ny milina, ny fitaovana, ary ny dingana rehetra eo ambany fiadidian'izy ireo;
- tsy misy fiantraikany ratsy eo amin'ny fahasalamana ny tsiranoka sy singa simika, fizika, ary biôlôjika eo ambany fitantanan'izy ireo, rehefa arahana tsara ireo fepetra arapiarovana mifanaraka amin'ny tokony ho izy; ary
- tolorana fanamiana mifanaraka amin'ny asany sy fitaovana miaro ny tenany ny mpiasa, ho fisorohana araka izay azo atao, ny voina mety hitranga na ny voka-dratsy eo amin'ny fahasalamana.

Entanin'Ambatovy ihany koa ireo orinasa rehetra mpianoka asa ao aminy mba hametraka pôlitika mahomby ho fikajiana ny tontolo iainana.

Tokony tohanan'ny orinasa mpianoka asa ny fomba fiasa miaro ny tontolo iainana sy ny momba azy, isaky ny afaka manao izany izy ireo, ary raisiny ny fanapanahan-kevitra hampiroborobo fandraisana andraikitra lehibe kokoa ho an'ny tontolo iainana, mampihena ny fako ary mampitombo ny fanodinana izany araka izay azo atao.

.

## Zon'Olombelona sy Asa

---

Antenain'Ambatovy fa ireo orinasa mpianoka asa ao aminy dia:

- ✓ manohana ary manaja ny fiarovana ny zon'olombelona nambara iraisampirenena;
- ✓ mandrara ny asa an-tery na tsy maintsy atao, na amin'ny endriny inona na inona, ary manao izay ahazoana antoka fa tsy misy fampiasana zaza tsy ampy taona ao anatin'ny asa rehetra mifampiakina ataony;
- ✓ miady ho an'ny fanesorana ny fanavakavahana noho ny asa sy ny andraikitra tanan'ny mpiasa.

Izany indrindra no mahatonga an'Ambatovy mangataka ny orinasa mpianoka asa ao aminy mba hitondra olona am-panajana sy am-pahamendrehana, hanohana ny fahasamihafana, handray hevitra isan-karazany hatrany, hampiroborobo ny tombotsoa iraisan'ny rehetra, ary hamolavola kolontsaina mahay mandray ny mpiasa sy ara-etika, mifanaraka amin'ny fifanarahana manan-danja ao amin'ny "Organisation Internationale du Travail (OIT)". Etsy andanin'izany, tsy maintsy manana fomba mipetrapetraka tsara ihany koa ny orinasa mpianoka asa, hanaovana izay ahazoana antoka fa manaraka izany ny mpiasa rehetra manao fifanarahana ara-kasa aminy ao anatin'ny asa mifampiakina.

Tsy maintsy ataon'ny orinasa mpianoka asa ny hananana toeram-piasana tsy misy herisetra, ary tsy tokony handrahona ny mpiasa amin'ny alalan'ny fitondrana jadona sady tsy manaja ny maha-olona ny tenany, anisan'izany ny herisetra ara-nofo, ny fanararaotana ara-nofo, ny sazy ara-batana, ny faneriterena ara-tsaina, ny faneriterena ara-batana, ary ny teny mahery.

Tsy azo atao mihoatry ny fetra voafaritra ao anatin'ny lalàna mihatratra eto amin'ny firenena, ny ora fiasan'ny mpiasan'ny orinasa mpianoka asa.

Tokony ataon'ny orinasa mpianoka asa izay ahazoana antoka fa omeny karama mifanaraka amin'ny lalàna mihatratra mifehy ny karama ny mpiasany, anisan'izany ny karama farafahakeliny, ny ora niasana ivelan'ny ora fiasana, ary ny tombontsoa tokony raisina. Tokony ataon'ny orinasa mpianoka asa azo antoka fa voaloa ara-dalàna ny karama, anatin'ny fe-potoana tsy miovaova ary tsy maherin'ny iray volana, amin'ny fahafenoany ary mivantana any amin'ny mpiasa tokony mandray izany.

## Fitondrantena Tsy Manao Kolikoly sy ara-etika

Antenain'Ambatovy fa ireo orinasa mpianoka asa ao aminy dia:

- ✓ manohitra ny kolikoly, na toa inona na toa inona endriny, anisan'izany ny fandrahonana sy ny tsolotra,
- ✓ manao izay ahazoana antoka fa ny asa sy ny tombontsoan'ny tena manokana, ary ny an'ireo mpiasa sy mpanao fifanarahana ara-kasa, dia tsy manohintohina ny andraikiny ato Ambatovy,
- ✓ tsy manome fanomezana sy tombontsoa manokana,
- ✓ manana ary mihazona hatrany ny fitondrantena ara-etika.

Izany indrindra no mahatonga an'Ambatovy mangataka ny orinasa rehetra mpianoka asa ao aminy hanaja ny lalàna manohitra ny kolikoly sy ny fitsipika manohitra ny famotsiam-bola. Antenainay fa ny orinasa mpianoka asa dia manana dingana mipetrapetraka tsara, hanaovana izay ahazoana antoka fa manaraka izany lalàna izany ny mpiasa rehetra manao fifanarahana ara-kasa aminy ao anatin'ny asa mifampiakina

Tsy leferinay mihitsy ny fanaovana kolikoly na toa inona na toa inona endriny, anisan'izany ny fandrahonana sy ny hosoka, ary manantena izahay fa ny orinasa mpianoka asa dia mailo sady manara-maso hatrany sao misy hosoka na fomba manamora ny fisian'ny hosoka ao amin'ny fandraharahana ataony.

Tsy tokony hitady tombontsoa amin'ny alalan'ny fanaovana hosoka sy famitahana ny hafa na fanaovana fanambaràna diso mihitsy ny orinasa mpianoka asa. Tafiditra ao anatin'izany ny famitahana na fangalarana ny mpanjifa na mpiara-miasa tsy mivantana amin'ny orinasa, sy ny fampiasana ny fananan'ny orinasa tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy, na inona na inona mety ho endriny.

Tokony mampandre an'Ambatovyavy hatrany ireo orinasa mpianoka asa, vantany vao ahiana na hita fa misy fomba fiasa miharo hosoka namoaka ireo tombony, izay mety hisy fiantraikany amin'ny fanapahan-kevitra raisiny na ny torohevitra omeny an'Ambatovy. Tsy maintsy ampahafantararin'ny orinasa mpianoka asa an'Ambatovy ihany koa ny kolikoly na fiampangana mahakasika azy raha misy izany.

Tsy maintsy sorohana sy ampahafantararin'ny orinasa mpianoka asa an'Ambatovy ny tranga ahitana mpiasa manao asa mitovy amin'ny an'Ambatovy ho tombontsoan'ny tenany manokana, na misy mpiasan'Ambatovy mivantana mihitsy maka tombony amin'ny fandraharahana ataon'ny orinasa mpianoka asa na manana fifanarahana manokana arabolana amin'ilay orinasa mpianoka asa, na toa inona na toa inona endriny.

Document:	Rev:1	Date	Page:	5 de / of 7
-----------	-------	------	-------	-------------



Tsy maintsy atao'nny orinasa mpiantoka asa izay ahazoana antoka fa ny fanolorana na fandraisana fanomezana na mari-panajana dia eken'ny lalàna sy ny fitsipika, ary tsy mandika ny politikan'Ambatovy na ny fitsipika sy fenitra ao anatin'ny orinasan'ilay mpandray, sady mifanaraka amin'ny fomba amam-panao mahazatra eo amin'ny tsena.

## **FIEZAHANA MAMANTATRA NY ZAVATRA MAMPIAHIAHY**

Ampirisihinay ny orinasa mpiantoka asa hanoro ny fomba ahafahan'ny mpiasany mitatitra ny zavatra mampiahiahy na ny zavatra hitany tsy ara-dalàna eo anivon'ny toeram-piasana. Dinihina ao anatin'ny fanajana ny tsiambaratelo ny tatitra rehetra.

Ho fanampin'izany, samy afaka manao tatitra ao amin'ny rafitra Fanairana *Whistleblower* avokoa ianao sy ny mpiasa hiadidiana (amin'ny alalan'ny laharana maitso +261 32 32 036 22, na ao amin'ny rafitra "EQS Integrity Line" hitanao ao amin'ny rohy <https://eqs-integrity.com/> na mandrotsaka ny taratasy ao anatin'ireo vata natokana ho an'izany, izay hita any amin'ny toerana maro manerana ny Orinasa).

Ny rafitra fanaovana tatitra "Whistleblower" an'Ambatovy dia "rafitra voaro fanaovana tatitra," izay azo hitaterana ny tranga niseho tao Ambatovy, indrindra ny fandikana ireo lalàna mihatra, ny fitsipika anatin'ny fomba fiasa, na ny Fitsipi-pitondrantena anatin'ny.

Sady voaaro no mijanona ho tsiambaratelo ny fanehoan-kevitra rehetra raisina ao anatin'izany.

Ampirisihinay ny orinasa mpiantoka asa izay mahalala tranga na fihetsika tsy mifanaraka amin'ity fitsipi-pitondratena mifehy ny Orinasa Mpantoka Asa ity, mba hiresaka momba izany amin'ny tomponandraikitra mivantana ao Ambatovy, na handefa tatitra momba izany ao amin'ny "EQS Integrity Line", ao amin'ny laharana maitso, na handrotsaka ny tatitra fanairana eny amin'ireo vata natokana ho an'izany.